# Ny trano fivoahana manaja ny tontolo iainana antoky ny fahadiovana sy ny fahasalamanao

## TORO-MARIKA HO AN'IREO MPAMPIASA



Ny trano fivoahana manaja ny tontolo iainana sy ny komposta dia tombotsoa ho anao sy ny ankohonanao ary ho an'ny tontolo iainana ihany koa !

# TRANO FIVOAHANA MANAJA NY TONTOLO IAINANA, ahoana izany ?

Trano fivoahana na wc manaja ny tontolo iainana satria tsy mila rano nefa ara-pahasalamana. Ary afaka manao izay tokony ataonao ianao tsy voaelingelina satria afaka hidina avy any anatiny ny varavarana, noho izany tsy hisy olona afaka hahita anao.

Ny trano fivoahana dia ahitana ireto fitaovana manaraka ireto :

- Fipetrahana miaraka amin'ny sarony.
- Fitoerana taratasy na gazety fifafàna.
- Fipipizana ho an'ny lehilahy.
- Fanasana tànana sy fitaratra ary fasiana ranon-tsavony fanasana tànana

## Ny fomba fampiasana ny trano fivoahana

1. Miditra ao amin'ilay efitra kely dia hidina ny varavarana.
2. Sokafana ny saron'ilay fipetrahana.
3. Mipetraka eo ambonin'ilay fipetrahana madio ary afaka manao izay tokony atao.
4. Ny maloto na ny ranony na ny ventiny dia milatsaka ao anatina bariaka mahazaka 60 litatra.
5. Mitsangana ary mifafa amin'ny taratasy. Ny taratasy avy nifafana dia tsy maintsy alatsaka ao anaty lavaka fivoahana.
6. Mba tsy hisian'ny fofona ratsy dia mandraraka amin'ilay fangaro efa vonona eo anilany eo ao anaty lavaka fivoahana.
7. Hamarinana tsara ny fahadiovan'ny fipetrahana sy ny manodidina rehetra
8. Manasa tànana amin'ny savony dia mivoaka.







### Ahoana no atao mba tsy hisian'ny fofona ?



Mba tsy hisian'ny fofona ratsy avy amin'ny trano fivoahana dia rarahana potika maina, betsaka karbona toy ny : vovo-kazo, ny mololo manify, ny felam-boninkazo, hodina kafe na kakao, sns. Hitanao eo anilan'ny fipetrahana eo izany fitaovana ilaina izany. Tandremo tsara tsy hiparitaka !

### Inona no atao rehefa feno ilay bariaka misy maloto ?

Sokafy ilay varavarana ao an-damosin'ilay efitra kely dia soloy bariaka vaovao ilay feno.
Ento eny amin'ny toerana fanaovana komposta ilay bariaka feno ary araraho.



# NY KOMPOSTA dia tena vahaolana mahomby

## Mifalia fa hamokatra be ny fambolenao !



## Ahoana ny fizotry ny komposta ?

Ny akora azo avy amin'ny zava-mananaina dia mihasimba hatrany. Ny komposta dia manafaingana an'izany fahasimbana izany amin'ny alàlan'ny fanomezana toerana sahaza ny bibikely sy ny pitika singa. Ny vokatra azo farany dia lay vovoka kely na fangaro izay mitovy amin'ireny tany mamokatra ireny. Iny akora matroka miendrika tany iny no mamelona ny karazana tany rehetra ary mitondra ny sakafo ilainy hahafahan'ny hazo mitombo sy ho tsara endrika.

Ny akora azo avy amin'ny zava-mananaina dia miteraka bibikely, olatra , kankana, sy ny karazany maro hafa. Ny zava-mananaina efa mihaloa dia mila ireto singa 4 manaraka ireto mba hahafahany mitombo : azota, karbona, hamandoana sy rivotra.

Mba hahazoana vokatra tsara dia afangaroy ny potin-javamaniry betsaka azota toy ny zezika tain'omby sy ny akora betsaka karbona (toy ny ravina sy ny ratsan-kazo maina). Raha tsy misy ireo akora mitondra azota dia zezika kely fanao amin'ny bozaka dia manampy amin'ny fatra azota-karbona ilaina.

Ny hamandoana dia avy amin'ny orana fa na izany aza dia tsy maintsy tondrahana na saromana ilay komposta mba hitazomana ilay hamandoana. Tandremana anefa mba tsy ho mando be loatra. Ny famadihana sy fangaroana ireo no manome aina azy. Ny famadibadihana ireo matetika no manafaingana ny fivadihany.

## Inona moa no atao hoe komposta ?

Ny eto amintsika dia avy amin'ny maloton'ny olombelona (kaka sy pipy) izay afangaro amin'ny fako avy amin'ny fambolena sy ny ao an-dakozia no mamadika ireo ho zezika tena tsara ho an'ny fambolena.



Raha avela eny rehetra eny ireo maloto avy amin'ny olombelona ireo dia miteraka fandotoana ny rano ka hampidi-doza ny fahasalamana

**IREO FANANGAROANA IREO DIA MANAFOANA NY FANDOTOANA SY NY METY HAMPIDI-DOZA NY FAHASALAMANA.**

## Ireo tokony ho fantatra rehefa hanao komposta amin'ny maloton'ny olombelona

Tokony olona efa manana traiketra ny amin'izany no manatanteraka ny komposta,

Raha ny fitsipika dia araraka ao anatin'ny komposta efa miangona ny akora fa tsy eo amboniny

1. Akisaka eny amin'ny sisiny ireo akora efa teo mba hahazoana milempona lalina.

2. Araraho ao ireo maloto avy amin'ny bariaka tao amin'ny toeram-pivoahana.

3. Sarony amin'ireo akora naparitaka tamin'ny sisiny ireo vao nararaka.

4. Ampio ihany ireo fatra arakarak'izay ilaina.

# Inona no tokony hotandremana eo amin'ny toerana fanaovana komposta ?

1. Ny fitoerana komposta dia mirefy 1,50x 1,50x 1,50 m. Ny fitoerana iray dia tokony hanana haavo mifanaraka amin'ny ao anatiny. Ny fampiasana fitoerana 3 no tena tsara.

2. Satria ny komposta dia tokony ho mando lalandava fa tsy kotsa, dia tsara raha eny amin'ny toerana misy aloka sy avo no asiana azy. Raha avy maharitra ny orana dia tokony saromana plastika mba tsy ho mando loatra. Ny toerana safidiana dia tokony toerana tsy ho difitry ny rano mandritra ny orambe.

3. Ny fitoerana komposta dia mety ho vita amin'ny hazo, na vy makarakara na akora voahodina hafa na koa parpaings, na biriky na vato ihany koa. Na izany aza dia tokony misy lavaka idiran'ny rivotra eo amin'ny rindrina.

4. Ny fitoerana komposta avy amin'ny maloton'ny olombelona dia aorina avy hatrany eo amin'ny tany. Izany dia hahafahan'ireo zava-mananaina toy ny kakana sy ny karazana bibikely madinika hafa avy ao amin'ny tany hifangaro amin'ny komposta.

5. Ny sosona voalohany mandrakotra ny tany dia tokony akora bilolojika (jereo etsy amin'ny akora azo ampiasaina) tsy misy maloto avy amin'ny olombelona.

6. Ny fitoerana komposta voalohany tonga dia fenoina ireo akora . Mitombo ireo eo anelanelan'ny 18 sy 24 volana. Fenoina indray ilay fitoerana faharoa rehefa feno ilay voaloahany. Alohan'ny hahafeno ilay faharoa dia efa afaka ampiasaina ho zezika ilay voalohany, dia tahaka izay hatrany. Ny fitoerana fahatelo dia ampiasana hanangonana ireo fitaovana fanaronana ny komposta.

## Inona avy ireo akora azo atao komposta :

Hodina kakao, faikana kafe, voankazo sy legioma, akoran'atody, hodim-boanjo, zava-maniry, poti-bozaka, potim-boninkazo, taho-maina, ravina, vovo-kazo, taratasy, gazety nohetiketezana, baoritra, lamba vita amin'ny vovo-kazo sy volon'ondry, lavenona, sns.

## Inona avy ireo akora azo atao komposta :


Arina sy lavenona avy aminy, vokatra avy amin'ny ronono, zavatra matavy, menaka kisoa, ny menaka rehetra, taolana sy poti-kena, hena na trondro, potika sakafo, zavamaniry maty na voapoizina, potika fakon-jaridaina misy akora.

## Komposta manokana



## Ny pipy ihany koa dia zezika tena mahomby

Raha toa ka mampiasa ireny fipipizana miangona ireny, dia araraho eny an-tanimboly izany fa ho hitanao ny fahatsaran'ny fambolenao.




## Komposta iombonana




# Mirary anao hahavita komposta feno fahombiazana !

WATSANAID
www.watsanaid.ch
CH-8050 Zürich, Suisse, PP 16.06.2020
preisig
www.preisig.ch